
# Hoy i Jakoba hoe: "[Mangataha] amin' Andriamanitra"




I Jakoba dia Apôstôly. Nampianatra ny hafa momba an'i Jesoa Kristy izy. Nanoratra taratasy iray ho an'ireo olona izay nino an'i Jesoa izy.




Nampianatra ny olona hivavaka i Jakoba tao anatin'ilay taratasiny. Niteny azy ireo Izy mba hanana finoana. Nilaza izy fa afaka mangataka amin' Andriamanitra izy ireo mba hahafantarana ny marina.



An-jaton-taona taty aoriana dia namaky ny taratasin'i Jakoba ao amin'ny Baiboly i Joseph Smith.



Nanontany an' Andriamanitra izy hoe iza ilay Fiangonana tokony hidirany.



*Io tantara io dia azonao vakina ao amin'ny Jakoba 1:5 sy Joseph Smith—Tantara.*

Nivaly ny vavaka nataon'i Joseph! Niseho tamin'i Joseph Smith ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy. Nampian'izy ireo izy mba hamerina eto an-tany ny Fiangonan'i Jesoa Kristy.

SARY NATAON'I APRYL STOTT